**ANALAVORY ITASY**

# Ny 1 jolay ho avy izao ny kongresy nasionalin'ny antoko TIM eto Antananarivo. Tsy mampihemotra azy ny lakrimôzena sy ny herim-pamoretana




*Ny filoha Marc Ravalomanana tany Analavory.*

Tsy nampihemotra ny Filoha Marc Ravalomanana sy ny antoko TIM, ny lakrimôzena sy ny herisetra nataon'ny mpitandro filaminana sasany tamin'izy ireo, ny talata lasa teo tany Analavory distrikan'i Miarinarivo faritr'Itasy. Toy ny fanaony niantsena tao amin'ny tsenan'Analavory aloha i Dada sy ireo mpanara-dia azy, nialohan'ny nanatrehany ny kongresim-paritry ny TIM, tao amin'ny Espace Mangabe tany an-toerana. Nandritra ny nandehanany dia an-tongotra tao antsena, no nirefotra ny lakrimôzena sy nahitana ny herisetra nataon'ireo mpitandro filamkinana sasany. Tsy nampihemotra ny filoha nasionalin'ny TIM sy ireo mpiara-dia aminy ary ny vahoaka anefa izany. Fa vakin'izy ireo ny sakana nataon'ireo zandary, ka tonga soa aman-tsara tany amin'ny toerana nanaovana ny kongresy ihany ny rehetra. Niaradia tamin'i Dada nandritra izany ny avy amin'ny birao politika, nahitana ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, Jean Claude Rakotonirina ary Julien Andriamorasata, ireo depiote 9 mirahalahy avy amin'ny antoko nahitana ny depiote isany Fetra Ralambozafimbololona, Ramboasalama Emilien, Mamy Rabenirina, Alain Ratsimbazafy, Feno Ralambomanana, Gerry Randriambolaina, Jose Randrianantenaina, Michel Ambalavato ary ny depiote Rodin Rakotomanjato. Teo koa ireo ben'ny tanàna avy ao Antananarivo Atsimondrano toa an-dry Rado Ramparaoelina, Mihary Andriantsilavo,… ny ben'ny tanànan'Ambohitrabiby Pasitera Lazasoa. Ireo mpanolotsainan'ny tanàna TIM notarihan'ny filohan'ny Collectif des Elus Christian Andrianjafy ary ireo mpitarika ny antoko ao amin'ny faritra Itasy. Nambaran'ny solontenan'ny TIM Itasy fa:"na inona na inona sakana, efa lasan'i Dada ny fonay aty amin'ny faritra Itasy." Nanambara kosa i Dada fa: tsy maintsy mihaona amin'ny Olom-pirenena eto Analavory aho androany. Tsy mihemotra amin'izay endrika herim-pamoretana isika. Aok'izay ny fampijaliana ny Malagasy, ny fanitsakitsahana ny Zo aman-kasina maha olona. Leo Jadona, leo herim-pamoretana, leo tampenam-bava ny vahoaka. Ny mampalahelo sy mahasosotra dia ireo sasany mahatsapa ny fahorian'ny tenany, tsy mihinan-kanina fa lanin'ny olona ny indemnité-any, mamela anay mandeha, tena midera sy mankasitraka azy ireny izahay, fa olona vitsy anie sisa ireo tena mibahambahana ireo e!" Fantatra nandritra izany ihany koa, fa kongresim-paritra miisa 12 no efa vitan'ny antoko TIM, raha tsy misy ny fiovana dia ny 1 jolay ho avy izao, no ho tanterahana eto Antananarivo ny kongresy nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara.

***Isambilo***

Kongresim-paritry ny TIM Boeny

# Sabotsy indray mifankahita any Mahajanga




*Ireo anisan'ny mpikarakara ny kongresim-paritry ny antoko TIM Mahajanga.*

Ho tanterahana ny sabotsy izao any Mahajanga ny kongresim-paritry ny antoko TIM any amin'ny faritra Boeny. Sabotsy indray izany mifankahita any an-drenivohitra Boeny, taorian'ny kongresim-paritr'ity antoko ity tany Analavory faritra Itasy. Hikarakara izao Kongresy ny Tim Mahajanga izao ary efa vonona amin'izany ireo birao comité ad'hoc, vonona koa ireo tanora Tim Mahajanga, ny vehivavy Tim amin'ny faritra Boeny. Hanotrona ny hetsika koa ny RMDM Mahajanga. Ny sabotsy 3 jona 2023 izao no hatao io hetsika io, hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro, ao amin'ny Lycée Fjkm Ziona Vaovao Mahajanga. Teny filamatr'izy ireo koa ny hoe: sahia minoa, mijoroa, aza matoritory hoy izy ireo fa efa antsika lay tour. Hanatrika izany koa ny solontena avy amin'ny antoko, avy amin'ireo distrika mandrafitra ny faritra Boeny dia: Mahajanga I sy faha-II, Mitsinjo, Soalala, Marovoay, ary Ambato Boeny.

***Isambilo***

Kianjan'ny 13 Mey

# Voasakana ry Doris sy ny Gasy Leo

Niroso tamin'ny fidinana an-dalambe teny amin'ny kianjan'ny 13 Mey Analakely omaly, naneho hevitra mahakasika ny raharaham-pirenena i Rakoto Samuel Doris, vadin'i MALAMA sy ny mpiara-dia nanatevina azy ireo tamin'izany hetsika izany koa ny fikambanana Gasy Leo. Nisy fifamaliana teo amin'i Doris sy ireo mpitandro filaminana ary taorian'izay, voasambotra i Nambinina avy amin'ny Gasy Leo. Namonjy fodiana kosa ny vadin'i Malama, na Mahery Lanto Manandafy avy teo. Tao aorain'izay nilamina ny teny Analakely sy ny manodidina.

Ny antony nanaovana izao araka ny nambaran'i Doris Rakoto Samuel dia hitaky ny famerenana ny Kianjan'ny 13 Mey, hahafahana maneho hevitra an-kalalahana.

***Stefa***



*Teny amin'ny Kianjan'ny 13 Mey omaly.*

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Miendrika fanesoana ny vahoaka hatrany no mitranga

Miditra ny volana jona sahady isika ity, mihazakazaka ny andro sy ny volana. Mifanohitra amin'izay anefa rah any lafiny fampandrosoana ny firenena sy ny fihatsaran'ny fiainam-bahoaka. Mihemotra mihitsy aza amin'ny ankapobeny, raha tsy hilaza fotsiny, ohatra, ny lafiny fampianaranaindrindra ao anatin'izao fidirana amin'ny fotoam-panadinana izao. Tsy mbola nisy sy fahita tao anatin'ireo fitondrana nifandimby tamin'ity fitondrana Rajoelina ity, raha tsy tamin'izao fitondrany izao, ny fampivesarana ny mpianatra ny vola tsy maintsy aloa amin'ny fanadinam-panjakana Cepe sy indrindra ny Bepc sy ny kojakoja ilaina ampisaina any amin'ny fanadinana. Anisan'izany, ohatra, ny fanerena ny ray aman-dreny hanome kahie ho an'ny fanjakana tomponandraikitry ny fanadinana atao vakiraoka. Mbola niseho indray koa izany fitakiana izany ao anatin'izao fotoam-panadinana andrana na "examen blanc" amin'ny Bepc izao. Santionany iray kely izany fa miseho ny tarehin-javatra maro samihafa amin'ny toe-javatra tsy tokony hisy raha nirehaka ho babany indrindra miohatra amin'ny fitondrana rehetra teo alohany izao fitondrana Rajoelina izao. Hatrany amin'ny tobim-pahasalamana fototra avy aza no misy pitsopitsony itakiana vola amin'ny marary na ny fianakavian'ny marary, toy ny fonon-tanana ho an'ny mpiteraka, sns. Azo adika tsotra izao ny zavamisy ataon'izao fitondrana Rajoelina izao: ny tokonana aza tsy afaka ka ny rindrina no ianaran-kendry hanihana. Hadalana tsotra izao izany ary tena midika ho tsy fahaizan-javatra. Indraindray aza ny mitranga toa zary fanesoana ny vahoaka malagasy mihitsy, satria atao daholo izao fihetsiketsehana isehosehoana eto an-toerana na any ivelany rehetra izao. Toa ataon'ireo olona eo amin'ny fitondrana, ny filohan'ny Repoblika sy ny ministra eo ambany fiadidiany ny mifofotra mitady amboara na loka, toy ny any ivelany, amin'ny zavatra izay lazaina ho tena nisy fivoarany teto amin'ny firenena noho ny asa nataon'izy ireo, kanefa tsy izany loatra no iainam-bahoaka. Misy mihitsy ny olom-pirenena mpamakafaka no milaza ny heviny momba izany, fa resaka amboamboarina izany, ary miendrika "amboara bôjy" zarazaraina fahatany, tsy mifandraika amin'ny iainan'ny vahoaka malagasy, indrindra ny sarambabem-bahoaka miady mafy andro aman'alina amin' izay hahavelona azy sisa. Maha menatra raha ianao ery, any ivleany io, mihareha amin'ny voninahitra ho toy ny môdely amin'ny fampandrosoana, kanefa ny vahoaka entinao faraidiny amin'ny samy vahoaka maneran-tany. Mahalalà menatra, fa ny lany henatra no ratsy indrindra, mahakizo fara ny firenena sy ny taranaka fara aman-dimby izany.

***Sôh'son***

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Maëlle R.**

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Tsiry R.**